# Fampidirana

Salama, rankizy namako!

Efa nieritreritra ve ianao hoe toy ny ahoana ny any an-danitra? Na hoe ahoana no fiasan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao? Eny àry, miomàna fa ato amin'ireto pejy ireto no hiainanao tantara mahafinaritra miaraka amin'i Luca, zazalahy be fanontaniana, sy i Orel, anjely namany.

Hiara-dia amin'izy ireo ianao ao Jerosalema Vaovao, hihaona amin'ireo olona ao amin'ny Baiboly tahaka an'i Mosesy, Josoa, Davida, Stefana, Paoly, ary i Jaona Mpanao Batisa. Samy hitantara ny fomba niasan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany tamin'ny fotoana manokana izy tsirairay avy ireo. Ary ny tena mahafinaritra dia ho hitanao fa te hiasa ao aminao koa ny Fanahy Masina!

Indraindray, rehefa miasa ny Fanahy Masina dia omeny fahaiza-manao miavaka isika; mazàna koa manampy antsika ho tonga mpitarika be herim-po Izy, na manasa antsika hamaky sy hahatakatra ny Baiboly. Mampirisika antsika hikolokolo ny fahasalamantsika koa Izy, mampahery rehefa mijaly isika, manarina antsika rehefa lavo, ary mandrisika antsika hatrany hanatanteraka ny iraka amin'ny fitoriana an'i Jesosy.

Hahita fampiasana mahafinaritra ianao isaky ny fizarana tsirairay: fandokoana, fanaovana sary, fanoratana fehezanteny, vavaka, ary asa kely anirahana anao any amin'ny fianakaviana sy ny namanao. Izany rehetra izany dia natao mba tsy hamakianao tantara fotsiny, fa hiainanao izany mihitsy!

Koa sokafy ny masonao, mivonòna hiaraka amin'i Luca sy i Orel mandritra ity dia ity. Ho hitanao fa ny Fanahy Masina dia tsy zava-miafina lavitra tsy akory, fa namana akaiky Izay te hiaraka aminao isan'andro ary hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao.

Vonona ve ianao?

Andao àry hanomboka!

**Mpanoratra:**

Pasitora Francesco Marquina sy Angie Valdez, MPH

# ANDRO 1

## Niasa tamin-kery ny **Fanahy Masina**

"Oaah! Toa mbola manakoako ato an-tsofiko ihany izany … trompetra maro be no indray niredona! Tena mahatalanjona tokoa ny fahatsapana ny tany mihorohoro vokatry ny feon'i Jesosy. Nitsangana avy ao amin'ny tany ny olona, mamirapiratra mahagaga. Tamim-pifaliana no namoahan'ny anjely ireo voavonjy avy tao am-pasana, nifamihina tamin'ireo namany voalohany indrindra. Tampoka teo, nisy hazavana tahaka ny avana nandrakotra ahy. Natahotra aho tamin'ny voalohany, nefa avy eo, hitako fa olona maro manodidina ahy no nanomboka namirapiratra tahaka ahy koa … Nahatsapa fiadanana tsy hay lazaina aho, nanomboka naverina tamin'ny laoniny ny vatako, feno fifaliana tanteraka aho. Tsy haiko akory ny hanazava izany … Oaah!" (Variana i Luca).

"Luca! Luca! Miresaka aminao aho," hoy i Orel. "Azafady ry Orel, mbola zendana tanteraka aho … Mahafinaritra loatra ny zavatra rehetra eto," hoy i Luca namaly, nizotra nankeo amin'ny hazo tsara tarehy iray izay nahasarika ny masony.

"Fantatro izany Luca a. Efa ela aho no naniry hiresaka sy hampiseho aminao an'i Jerosalema Vaovao," hoy i Orel nihazakazaka nanaraka an'i Luca. "Liana te hahafanta-javatra mandrakariva ianao ry Luca kely! Na dia tsy fantatrao aza izany, dia nikarakara anao nandritra ny valo taona mahery aho." Nitsiky tamim-pifaliana i Orel ary namihina an'i Luca.

"Misaotra, Orel … Tiako ny anaranao … Orel… Inona no dikan'izany?"

"'Fahazavan'Andriamanitra' no dikan'ny Orel. Nomena ahy efa ela izany anarana izany … fa amin'ny manaraka hotantaraiko anao. Luca a, hitako teo ilay tiako ho fantatrao," hoy i Orel, nihazona ny tanany sady nitondra ho any amin'ilay olona manokana.

Nony tonga teo anoloan'ilay olona izy ireo, dia fantatr'i Luca fa i Jesosy izany. Nanokatra ny vavany hiteny izy, saingy tsy nisy teny nivoaka — faly loatra izy! Efa nahita an'i Jesosy niverina tany an-Tany tamim-boninahitra sy hery lehibe izy, ary izao eo anoloany mihitsy Izy no mijoro!

"Luca malalako," hoy i Jesosy nitsikitsiky. "Tia miresaka avokoa izahay atỳ an-danitra," hoy Izy nihomehy. "Faly tokoa Aho fa eto ianao. Misaotra, Orel, fa niaraka taminy ianao."

Nihazakazaka nankany amin'i Jesosy i Luca ary namihina Azy, ranomasom-pifaliana no nikoriana teo amin'ny takolany. Teny tokana ihany no tafavoakany tamin'izay: "Misaotra!" Naveriny imbetsaka izany: "Misaotra! Misaotra! Misaotra, Jesosy!"

"Zanako sarobidy ianao!" hoy i Jesosy tamim-pitiavana. "Nataoko avokoa ny zavatra rehetra ho anao. Nino Ahy ianao, nihaino ny feoko, ary na mbola zaza aza ianao dia tsy nisalasala nanolotra ny fonao ho Ahy. Ny Fanahy Masina no nahatonga anao hino, sy niasa tao am-ponao ka izany no antony maha-eto anao ankehitriny. Manana mandrakizay isika hifampiresahana, hilalaovana, hitsikiana, ary hiarahana mianatra."

“Ny Fanahy Masina? Tsy mbola fantatro tsara ny momba Azy …, tsy nisy nanazava tamiko izany tany an-Tany,” hoy i Luca, nijery an’i Jesosy tamin’ny maso feno ranomasom-pifaliana.

Nitodika tany amin’i Orel i Jesosy: “Ry Orel namako ô, ampamirapirato amin’ity ankizy ity ny fahazavan’Andriamanitra mba hahafantarany ny momba ny Fanahy Masina. Ankiniko aminao io asa lehibe io.”

“Eny Tompoko Jesosy, mazava loatra” hoy i Orel tamim-pifaliana. “Hataoko izay tsara indrindra vitako.”

Nanao veloma azy ireo i Jesosy ary nanohy ny diany.

“Luca, amin’izao ianao efa atỳ an-danitra izao dia zava-dehibe ny hahafantaranao ny Fanahy Masina,” hoy i Orel sady nanamboatra toy ny fitaratra manify mitsingevana teny amin’ny rivotra. “Aleo asehoko anao ity andininy ao amin’ny Baiboly ity … Jao. 14:16–17.” Hoy i Orel nanetsika ny rantsan-tanany teo amin’ilay fitaratra mitsingevana.

Nanatona i Luca mba hamaky izay voasoratra teo. Litera hafahafa no hitan’i Luca tamin’ny voalohany. Nilaza taminy i Orel fa teny grika fahiny izany. Rehefa niezaka namaky izy dia hitany fa azony tsara avokoa izany!

Izao no novakiny: *“Ary Izaho hangataka amin’ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin’ny fahamarinana, Izay tsy azon’izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo.”*

“Fony i Jesosy Tompo tany an-Tany,” hoy i Orel tamin’i Luca, “dia fantany fa tsy afaka hijanona mandrakizay miaraka amin’ny mpianany Izy. Tsy afaka nampiasa ny heriny rehetra Izy tamin’ny maha-olombelona Azy. Izany no antony nanomezany toky fa haniraka ny Fanahy Masina Izy hiaraka amintsika sy hitari-dalana antsika.”

“Mahavariana tokoa izany ry Orel!” hoy i Luca tamim-pientanentanana. “Tena te hahafantatra bebe kokoa momba ny Fanahy Masina aho…”

“Eny àry … Rehefa niakatra ho atỳ an-danitra i Jesosy, dia narotsany ny Fanahy Masina, nirahiny tany an-Tany mba hitari-dalana ny olona rehetra ho eo amin’i Jesosy,” hoy i Orel nanohy. “Niasa mangina nefa tamin-kery lehibe ny Fanahy. Ianao izao dia ohatra velona ny amin’ny asany, ry Luca malala! Izany no antony maha-eto anao miaraka amiko atỳ an-danitra ankehitriny!”

“Oaah! Tiako ho fantatra avokoa ny momba Azy rehetra! Orel a, ambarao amiko bebe kokoa hoe izany,” hoy i Luca, feno fahalianana.

“Mahita hevitra tsara kokoa aho,” hoy i Orel niteny faingana. “Hampahafantariko anao ireo olona sasany izay afaka hizara aminao ny fanandramany manokana niaraka tamin’ny Fanahy Masina.”

“Tsy andriko izany!” hoy i Luca, raha nasehon’i Orel azy ny sarintanin’i Jerosalema Vaovao mitsingevana.

“Andao àry, vonona? Ho faly tokoa isika hihaona amin’ireo olona ireo … Araho aho!” hoy i Orel nihazakazaka nialoha an’i Luca, nankeo amin’ilay toerana voamarika teo amin’ny sarintany.

“Lasa izao!”

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**


Anarana:_______________________________________________

Daty:_______________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:______________________________

## Fampiasana

Vakio ny Apôk. 21:2 ary lokoy ny sarin'i Jerosalema Vaovao. Soraty amin'ny sora-tananao manokana, ao anaty mahitsizoro ny fehezanteny hoe: "Te honina ao aho." Hetezo ny sary ary apetraho amin'ny toerana talaky maso ao an-trano na ao amin'ny efitranonao.



## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hahafantaranao bebe kokoa ny Fanahy Masina ary mba hiasa aminkery eo amin'ny fiainanao Izy.
2. Mivavaha mba hiverina haingana i Jesosy ka hiara-monina Aminy mandrakizay isika.

# ANDRO 2

## Manome antsika fahaiza-manao miavaka **ny Fanahy Masina**

"Efa nihazakazaka an-jatony kilometatra maro isika izao!" hoy i Luca nanatona an'i Orel. "Tena mahagaga fa tsy mahatsiaro reraka aho — mbola te hanohy hihazakazaka aza aho raha ny marina!"

"Naverina ho amin'ny tanjany feno ny hery maha-olombelona anao tatỳ an-danitra,ry Luca keliko," hoy i Orel sady nijery ilay sarintany mitsingevana sy nikaroka manodidina ilay saha mahafinaritra izay nisy azy ireo.

"Naverina? Inona no tianao holazaina?" hoy i Luca mailaka nanontany.

"Noforonin'Andriamanitra ho tonga lafatra i Adama sy i Eva tany am-boalohany. Nanana fahaiza-manao ambony indrindra izy ireo ary tena salama," hoy i Orel.

"Saingy rehefa tsy nankatò an'Andriamanitra izy ireo, dia niala Taminy, ary nosimban'ny ota ny drafitra mahafinaritra nataon'Andriamanitra ho azy ireo."

"Tamin'ny andronao dia efa nihena tokoa ny fahaiza-manaon'ny olona noho ny fahotana. Alao sary an-tsaina ny vokatry ny fahotana teo amin'ny vatana sy ny zavaboary nandritra izay 6.000 taona mahery izay!" hoy i Orel nanohy. "Mbola tantara lava ny amin'izany fa aleo resahintsika amin'ny manaraka … Tonga eto amin'ilay toerana isika."

Voamarik'i Luca ny hatsaran'ilay saha mahafinaritra tamin'io fotoana io. Nisy voninkazo maro isan-karazany izay niova loko arakaraka ny hazavana. Ny rindrina manodidina dia vita amin'ny fitaratra, metaly sy vato sarobidy, izay tsy mbola hitan'i Luca akaiky mihitsy ny sasany tamin'izy ireo fony izy tany an-Tany.

"Tena mahatalanjona daholo izany, ry Orel," hoy i Luca raha nijery akaiky ny rindrina kristaly manaingo ilay saha. "Hitanao ve ny tsipiriany amin'ity rindrina ity? Misy kofehy volamena sy volafotsy madinika mirandrana manaraka ilay voninkazo voasokitra ao anaty emeralda. Oaah! Izay aho vao nahita emeralda — tena mahafinaritra …"

"Oay! Azafady," hoy i Luca taitra, nifandona tamin'ny lehilahy iray.

Nitsangana ilay lehilahy ary nihomehy. "Tsy hadisoanao izany, ry tovolahy kely," hoy izy nitsiky. "Variana loatra nijery ny tsipiriany mahafinaritra teto amin'ity toerana ity aho. Mahita zava-baovao manintona ny saiko aho isan'andro."

"Hay ianao nahita an'i Bezalila ry Luca!" hoy i Orel nientanentana. "Hitako fa efa nifampiarahaba ianareo!" hoy i Orel nihomehy.

"Bezalila! Tena voninahitra ho ahy ny mihaona aminao," hoy i Luca.

"Voninahitra ho ahy koa ny mahita anao," hoy i Bezalila namaly, sady nijery an'i Orel, izay nikaroka zavatra faingana tao amin'ilay fitaratra mitsingevana.

"Eto izany, hitako!" hoy i Orel sady nanondro soratra hafahafa. "Teny hebreo fahiny io, fa inoako fa tsy ho sarotra aminao ny hahatakatra azy."

Dia namaky izy ireo.

Izao no voasoratra: Eks. 31:1–5: *"ARY Jehovah niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: Indro, efa notononiko anarana Bezalila, zanak'i Ory, zanak'i Hora, avy amin'ny firenen'i Joda; ary efa nofenoiko fanahin'Andriamanitra izy, dia fahendrena sy fahiratan-tsaina sy fahalalana ny amin'ny tao-zavatra samy hafa: dia ny hihevitra hanao asa kanto, ny hiasa volamena sy volafotsy ary varahina sy ny hamboatra vato halatsaka an-tranontranony ary ny handrafitra hazo, mba hanaovany ny tao-zavatra samy hafa."*

"Eny, izaho izany resahiny izany," hoy i Bezalila tamim-pifaliana. "Tena notahin' Andriamanitra aho fony tany an-Tany."

"Lazao amiko hoe ahoana no nampiasan'ny Fanahy Masina anao," hoy i Luca. "Tena te hahafantatra aho."

"Tamin'ny fahazazako, dia tiako tokoa ny nilalao sy niasa tamin'ny vato sy fitaovana isan-karazany," hoy i Bezalila nijery an'i Luca. "Nony lehibe aho, dia tsapako fa nanana fahaiza-manao lehibe aho tamin'ny famoronan-javatra tsara tarehy amin'ny tanako. Dia nanapa-kevitra aho fa hahatoky amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra, ary naniry fatratra hampiasa ny fahaiza-manaoko ho fanompoana Azy.

"Ren'Andriamanitra ny vavaka nataoko, ary narotsany tamiko ny Fanahy Masina. Nisy mpitarika lehibe antsoina hoe Mosesy izay niantso ahy hanampy amin'ny tetikasa goavana tsy nisy toy izany. Nomena voninahitra hanorina ny trano fonenan'Andriamanitra tany an-Tany izahay sy ny namako, mba ho eo amin'ny zanany malalany ny fanatrehany. Rehefa maniry hanompo an'i Jehovah amin'ny fonao manontolo ianao, dia ampitomboiny amin'ny alalan'ny Fanahiny ny fahaiza-manaonao," hoy i Bezalila namarana.

"Asa sarobidy tokoa no nataonao tany an-Tany tamin'izany fotoana izany," hoy i Orel tamin'i Bezalila. "Nahavita trano ho an'Andriamanitra ny tananao — tena voninahitra izany!"

"Mpahay kanto manan-talenta ianao!" hoy i Luca. "Azoko tsara ankehitriny ny antony nikalianao fatratra ny tsipiriany tamin'ilay rindrina. Nandray lesona avy amin'ny fanandramanao tokoa aho ry Bezalila. Misaotra."

"Tsy misy fisaorana, ry tovolahy kely," hoy i Bezalila namaly. "Enga anie ny Fanahy Masina hiasa amin-kery aminao koa ka hitombo ny fahalalanao an'Andriamanitra. Atỳ an-danitra mantsy dia mbola betsaka ny zavatra azo dinihina sy hianarana! Tsy misy fetra ny fahalalana eto!"

Nanao veloma an'i Bezalila i Orel sy i Luca.

"Vonona hihaona amin'ilay olona manaraka ve ianao?" hoy i Orel.

"Andao indray àry!" hoy i Luca dodona.

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:______________________________

Daty:______________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:______________________________

## Fampiasana

**Inona avy ireo fahaiza-manao anananao?**

______________________

______________________

______________________

**Inona avy ireo fahaiza-manao tianao hananana?**

______________________

______________________

______________________

1. Ampiasao ny iray amin'ireo fahaiza-manao anananao hanaovana soa ho an'olona tsy mbola mahalala an'i Jesosy.
2. Safidio ny fahaiza-manao iray tianao hananana, ary angataho i Jesosy mba hanome izany anao mba hampiasaina amin'ny fanompoana Azy. Soraty amin'ny karatra kely izany ka apetraho amin'ny toerana talaky maso ao antranonao.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina, ary hanome anao fahaiza-manao miavaka.
2. Mivavaha mba hanomezan'i Jesosy anao tombontsoa hampiasa ny fahaiza-manaonao hitarihana ny fianakavianao sy ny namanao ho any an-danitra.

# ANDRO 3

## Manome izay ilaintsika **ny Fanahy Masina** mba hahafahantsika mitarika

Tonga teo amoron'ny renirano lehibe i Orel sy i Luca. Nisy olona maro teny amin'ny lafiny roa amin'ilay renirano. Nisy liona, zanak'ondry, sy biby maro hafa niara-nilalao tamin'ny olona teo. Tena milamina ny zavatra rehetra, ary feno fiadanana.

“Inona ity toerana ity, Orel?” hoy i Luca.

“Eto amoron’ny ranon’aina isika izao,” hoy i Orel. “Mamakivaky an’i Jerosalema Vaovao manontolo io renirano io, ary ny tena mahagaga dia mivantana avy eo amin’ny seza fiandrianan’Andriamanitra izy io!”

“Oaah! Tena mahafinaritra ity toerana ity,” hoy i Luca sady nihazakazaka namihina ny vozon’ny zirafy iray nihinana voankazo avy teo amin’ny hazo lehibe teo amoron’ny renirano. Nolelafin’ilay zirafy moramora ny lohan’i luca.

Nisy olona nanatona rehefa nahita an’i Luca teo.

“Namako koa izy io,” hoy ilay lehilahy.

Nahatsikaritra zavatra manokana teo amin’io lehilahy io i Luca. Nisy hazavana malefaka ny tavany, feno fitiavana ny fijeriny, ary feno fitoniana ny feony.

“Iza moa ianao?” hoy i Luca. “Toy ny efa fantatro ianao.”

“I Mosesy, olo-malaza io eo anoloanao io,” hoy i Orel namaly.

“Malaza? Izaho ve?” hoy i Mosesy nitsiky. “Efa taona maro izay no teto aho, hatramin’ny nanangananʼAndriamanitra ahy tamin’ny maty sy nakany ahy hiara-monina Aminy.”

Nanaraka azy nankeny amoron-drano i Luca, ary gaga nahita ny hatsaran’ny rano sy ny filaminany. Toy ny kristaly ilay rano.

“Luca, efa eo anatrehan’i Mosesy ianao izao. Aza avela handalo fotsiny ity fotoana ity fa andao hianatra aminy,” hoy i Orel sady nanatona, nampiseho soratra avy ao amin’ny Baiboly.

“Nisy fotoana manokana teo amin’ny fiainan’i Mosesy izay hanampy antsika hahafanatra ny Fanahy Masina.” Dia namaky izany tamin’ny feo mafy i Luca: Nom. 11:16–17.

*“Dia hoy Jehovah tamin’i Mosesy: Manangòna fito-polo lahy amin’ny loholon’ny Isiraely ho ety amiko, dia izay fantatrao ho loholona amin’ny fireneny sy ny mpifehy azy; ary ento miaraka aminao ho ao amin’ny trano-lay fihaonana izy. Dia hidina Aho ka hiteny aminao eo; ary Izaho haka amin’ny Fanahy Izay ao aminao ka hametraka izany ao amin’ireo, ary hiara-mitondra ity firenena ity aminao ireo, fa tsy hianao irery intsony no hitondra azy.”*

“Aah, tsaroako tsara ny nanoratako izany taona maro lasa izay. Ho an’Andriamanitsika tsara fanahy anie ny voninahitra, fa tanteraka avokoa ny teny fikasany!”

“Tao aminao izany ny Fanahy Masina ry Mosesy, avy eo nozarain’Andriamanitra tamin’ny hafa? Oaah!” hoy i Luca, “ianao ve no Hebreo voalohany nahazo Azy? Tena mahagaga izany. Inona no tsapanao tamin’izany? Inona no vitanao? Natahotra ve ianao?”

“Ry zanako malala,” hoy i Mosesy, “Mamoha fahatsiarovana sy mampahatsiahy ahy tantara maro ny fanontanianao. Lehilahy tsotra fotsiny aho, izay niezaka ny hanao ny tsara ho an’Andriamanitra. Nanao fahadisoana imbetsaka aho, fa Andriamanitra, noho ny famindram-pony, dia namela heloka sy nananatra ahy. Natahotra ve aho? Mazava loatra! Niala avy tany Egypta niaraka tamin’ny olona mihoatra ny 2 tapitrisa aho, izay vahoaka sarotra entina. Tsy fantatro izay tokony hatao, ary raha tsy noho ny Fanahin’Andriamanitra nitari-dalana ahy, dia tsy fantatro izay ho niafaran’ny tantarako.”

“Narotsak’Andriamanitra mba hiasa mahery ato amiko ny Fanahiny mba hitarihana ny vahoakany hamaky ny Ranomasina Mena sy ny tany efitra. Lehibe sady betsaka ny olana! Tsy nanana sakafo izahay, tsy ampy rano, ary nisy bibidia mampidi-doza nitady

handripaka anay. Niteny nanohitra an'Andriamanitra ny vahoaka. Izany no antony nifidianan'ny Tompo lehilahy maro hafa hanampy ahy hitarika ny Hebreo, ary nomeny ny Fanahiny koa izy ireo, mba hahafahany manao izay tokony hatao.

"Ny Fanahin'Andriamanitra no nanome izay nilaiko mba hitondrana ny vahoaka ho any amin'ny tany Kanana — ilay Tany Nampanantenaina. Tsy niditra tao amin'izany tany izany aho, fa niditra tatỳ an-danitra! Tena mitana ny teny fikasany Andriamanitra! Manome antsika hery hitarihana ny vahoakan'Andriamanitra ny Fanahy Masina!"

"Mahavariana tokoa izany ry Mosesy! Angamba tsy misy lehilahy hafa niaina fanandramana toy ny anao," hoy i Luca. "Tiako ho re avokoa ny tantaram-piainanao."

"Vonona aho! Na oviana na oviana ianao no te hiresaka amiko dia eto aho, eto amin'ity hazo miorim-paka amin'ny lafiny roa amin'ny renirano ity." Nihiratra ny mason'i Luca! Hay ny hazon'aina no notondroin'i Mosesy azy! Nisy fanontaniana vaovao nipoitra sahady tao an-tsainy.

Voamarik'i Orel izany ka hoy izy: "Luca, tokony handeha amin'izay isika izao. Ho any amin'ny toerana lavitra be isika." Nanondro ilay sarintany mitsingevana izy …

"Handeha ho any amin'ny planeta hafa ve isika?" hoy i Luca tsindrian-daona.

Nitsiky i Orel sady niteny hoe: "Mazava loatra! Inona no andrasantsika?" Dia nanao veloma an'i Mosesy izy ireo.

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:________________________________________

Daty:________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:________________________

## Fampiasana

1. Ataovy sary izay nanaitra sy nahatalanjona anao tamin'ny tantaram-piainan'i Mosesy. Mety ho momba ireo loza tany Egypta izany, na ny nisarahan'ny Ranomasina Mena, na ny filatsatahan'ny mana avy any an-danitra, sns.
2. Omeo ny pasitora na ny loholona ao am-piangonanareo ilay sary nataonao. Asio hafatra fampaherezana azy amin'ny asany ao ambadik'ilay taratasy, amin'ny maha-mpitarika fiangonana azy. Lazao azy fa hivavaka ianao mba hiasa aminy amin-kery ny Fanahy Masina, ka ho mpitarika ny fiangonana ho eo amin'i Jesosy izy.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ary hanova anao ho mpitarika mahery ao amin'ny Fiangonana Advantista amin'ny andro farany eto amin'izao tontolo izao.
2. Mivavaha mba hanomezan'i Jesosy anao tombontsoa hampiasa ny fahaizanao mitarika, mba hanomanana olona maro ho amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany.

# ANDRO 4

## Mitarika antsika ho eo amin'ny Baiboly hatrany **ny Fanahy Masina**

"Efa ho tonga isika," hoy i Orel.

Nijery manodidina i Luca sady nihazona mafy ny tanan'i Orel. Nandeha namakivaky ny habakabaka midadasika izy ireo. Nahita zavatra mahatalanjona i Luca! Nandalo teo akaikin'ny kintana mirehitra izy ireo, nefa tsy naninona! Oaah!

Tamin'ny voalohany dia nanisa ireo planeta i Luca, fa nony elaela dia tsy voaisany intsony ireo hazavana tsy manam-pahataperana avy amin'ny kintana maro miloko mamirapiratra. Efa andro maromaro izay no nanidinan'izy ireo. Tena zava-mahagaga!

"Tonga isika," hoy i Orel, rehefa nanakaiky planeta iray manga mamirapiratra lehibe, izay nanana fehiny sy volana maromaro. "Hiditra eto isika," hoy izy sady nanondro faritra iray amin'ilay planeta. Nidina faingana izy ireo. Tsy ela akory dia nijoro tao anaty lohasaha mahafinaritra feno hazo goavam-be sy voankazo manintona izy ireo.

Nisy feo tony nilaza hoe: "Niandry anareo". "Efa andro vitsivitsy izay aho no teto. Nilaza tamiko i Mosesy namako fa ho avy ianareo, ka nanokana fotoana aho hihaonana aminareo."

"Misaotra betsaka noho ny niandrasanao anay!" hoy i Orel. "Ry Luca malala, ampahafantariko anao i Josoa, mpandimby an'i Mosesy, ilay lehilahy nitondra ny vahoaka Hebreo tany amin'ny tany Kanana, ilay Tany Nampanantenaina tamin'izany fotoana izany."

"Oaah! Ianao no iray amin'ireo olo-malaza tiako indrindra ao amin'ny Baiboly! Tena voninahitra ho ahy ny mihaona aminao ry Josoa!" hoy i Luca tamim-pifaliana. "Angamba maro be no tia anao tany an-Tany."

"Tsy dia zava-dehibe loatra izany," hoy i Josoa nitsiky. "Nomen'Andriamanitra tombontsoa maro aho teo amin'ny fiainako tany an-Tany. Deraina mandrakizay ny Anarany! Niezaka aho hanatanteraka ny sitrapony tamin'ny fanarahana ny Teniny."

"Marina izany!" hoy i Orel, sady nampiseho andininy avy ao amin'ny Baiboly. "Josoa a, mikaroka momba ny nataon'ny Fanahy Masina mantsy izahay rehefa niasa tamin-kery tany an-Tany Izy, ary nahita andininy mahaliana momba anao aho."

Nanomboka namaky i Orel: Deo. 34:9: *"Ary Josoa, zanak'i Nona, dia feno ny fanahim-pahendrena, fa efa nametrahan'i Mosesy tànana izy; dia nihaino azy ny Zanak'Isiraely ka nanao araka izay nandidian'i Jehovah an'i Mosesy."*

"Eny tokoa! Tsaroako tsara iny andro iny. Tena nitebiteby aho," hoy i Josoa. "Nilaza tamiko i Mosesy namako fa nofidin'ny Tompo aho ho mpitarika vaovaon'ny vahoaka Hebreo. Izaho ve hahasolo an'i Mosesy lehibe?! Tsapako fa tsy mendrika aho, saingy narotsany tamiko ny Fanahy Masina, ka nampahery ahy. Nomen'Andriamanitra ahy ny tsiambaratelo hahazoana fandresena eo amin'ny fiainana."

“Andraso hasehoko anao,” hoy i Josoa sady nijery andininy hafa tao amin’ilay Baibolin’i Orel. “Nosoratako tao amin’ny bokiko ao amin’ny Baiboly izany. Ity ilay izy — ilay tsiambaratelo, ao amin’ny Jos. 1:8–9.”

Namaky tamin-kafanam-po i Josoa: *“Aoka tsy hiala amin’ny vavanao ity bokin’ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman-alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin’izany dia hahalavorary ny làlanao hianao sady hambinina. Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy mahatanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin’izay rehetra alehanao.”*

“Ny zava-dehibe indrindra nianarako tamin’ny Fanahy Masina,” hoy i Josoa tamim-pifaliana, “dia ny tokony hianarako mandrakariva ny Baiboly. Izay no tsiambarateloko tamin’ny fitarihana ny vahoaka. Nangataka ny hirotsahan’ny Fanahy Masina isan’andro teo amin’ny fiainako aho, tamin’ny fisaintsainana ny Tenin’Andriamanitra.”

“Marina izany ry Josoa!” hoy i Luca. “Tsaroako ny nianarako namaky teny; nampirisihin’i Neny sy i Dada aho hamaky Baiboly isan’andro. Nianatra zavatra maro momba ny fitiavan’Andriamanitra aho! Nisy zavatra tsy takatro tamin’ny voalohany, fa azoko tsikelikely ihany avy eo.”

“Izany tokoa! Izany no mitranga rehefa miasa amin-kery ny Fanahy amin’izay tena maniry hahafantatra an’Andriamanitra, ary Izy no manampy azy hahatakatra ny Baiboly,” hoy i Josoa. “Ny Fanahy Masina no nanome tsindrimandry tamin’ny nanoratana ny Baiboly, ary mahafaly Azy ny manambara an’i Jesosy.”

“Tena tiako ny nijery anao nianatra Baiboly hatramin’ny mbola kely, ry Luca kely malala!” hoy i Orel tamim-pitiavana. “Tsy hitanao aho, fa teo aho. Faly aho satria fantatro fa zazalahy tsara fo ianao, manana fo mitady an’i Jesosy.”

“Misaotra anao aho ry Josoa nampahatsiahy ahy ireo fotoana mahafinaritra namakiako Baiboly,” hoy i Luca tamin’i Josoa. “Ary misaotra anao koa, ry Orel, niaraka tamiko. Efa nilaza tamiko ny Baiboly fa tsy irery aho, eo akaikiko ‘ny anjelin’i Jehovah’. Oaah!”

“Mahafinaritra izany ry Luca kely, fa ny Baiboly no sarintany nampiasainao,” hoy i Josoa tamim-pifaliana. “Izany no mahatonga anao atỳ an-danitra — satria nahafantatra manokana Ilay Mpanoratra ianao, dia i Jesosy.”

“Mila mandeha indray isika ry Luca. Efa fantatro ny toerana halehantsika manaraka,” hoy i Orel sady nampiseho ilay sarintany mitsingevana. “Hiverina any Jerosalema Vaovao isika.”

“Aah, mahafinaritra izany!” hoy i Josoa. “Hiverina any tsy ho ela koa aho. Hanao fanenjika amin’ilay namako iny aho, angamba fantatrareo izy, Kaleba no anarany. Tany an-Tany dia tena tia nianika tendrombohitra izy. Eto indray dia izy no te ho voalohany hizaha ny tontolo rehetra!” Sady nihomehy i Josoa.

“Eny, mila miainga koa aho. Efa nialoha ahy andro vitsivitsy izay i Kaleba. Soava dia ry namako!”

“Soava dia, Josoa!” hoy i Orel sy Luca niara-niteny.

Dia niara-niainga namakivaky faingana ilay tontolo midadasika izy ireo.

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**


Anarana:____________________________________________

Daty:______________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:__________________________

## Fampiasana

Vakio ny Heb 1:2 ary lokoy ny sarin'ilay dia mahafinaritra namakivaky ny tontolo. Soraty ao anaty efajoro ny fehezanteny hoe: "Hamakivaky izao tontolo rehetra izao aho." Hetezo ilay sary ary apetraho eo amin'ny toerana talaky maso ao an-trano na ao amin'ny efitranonao.



## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ary hanome anao faniriana hianatra ny Baiboly isan'andro.
2. Mivavaha mba hanampy anao ny Fanahy Masina hahafantatra an'i Jesosy amin'ny alalan'ny Baiboly.

# ANDRO 5

## Manamboatra antsika **ny Fanahy Masina** na eo aza ny fahadisoantsika

“Oay! Mahagaga loatra! Inona ity toerana ity?” hoy i Luca tamim-pahalianana. “Tena mahafinaritra daholo ny zava-drehetra! Ary inona irỳ lavidavitra irỳ?”

“Eto no toerana misy ny seza fiandrianan’Andriamanitra ao Jerosalema Vaovao,” hoy i Orel feno fanajana. “Ity toerana ity no anisan’ny masina indrindra manerana ity tontolo ity, ry Luca malala. Tsaroanao ve ilay ranon’aina hitantsika iny?”

“Eny, tsy hohadinoiko mihitsy izany,” hoy i Luca nijery an’i Orel.

“Eto no iavian’ilay rano — jereo,” hoy i Orel sady nanondro ny faritra ambany amin’ilay seza fiandrianana volamena goavam-be izay teo afovoan’ilay efitrano lehibe izy.

“Hitako tokoa — madio mangarahara toy ny kristaly ilay izy. Midika ve izany fa eto afovoan’i Jerosalema Vaovao isika? Mahagaga ity toerana ity ry Orel! Inona no antondiantsika eto?” hoy i Luca.

“Tsy hoe inona, fa hoe Iza no hojerentsika eto,” hoy i Orel nitsiky. “Hotantaraiko kely aminao aloha ny momba ahy. Iray amin’ireo anjely mihira ao amin’ny antoko mpihiran’ny lanitra aho. Eo amin’ny iray amin’ireo sehatra afovoany ireo no toerako. Tena tombontsoa lehibe izany.”

“Tsy maintsy ampianarinao mihira aho!” hoy i Luca tamim-pientanentanana. “Tsy dia nahay mozika na hira mihitsy aho… Naniry mba hianatra aho tany an-Tany.”

“Tsy mbola tratra aoriana mihitsy ianao raha hianatra, ry Luca kely — sady manana mandrakizay ianao hanaovana izany,” hoy ny lehilahy tsara tarehy iray, nitafy akanjo tsara tarehy.

“Tonga ianao, ry namako!” hoy i Orel sady nanokatra ny sandriny hamihina ilay lehilahy. “Luca a, ampahafantariko anao i Davida mpanjaka.”

“Tena marina ve? I Davida mpanjaka mihitsy ve? Tena voninahitra lehibe ho ahy ny mahita anao!” hoy i Luca tamim-pahagagana.

“Eny, tena izaho ity,” hoy i Davida sady nihomehy. “Saingy atỳ an-danitra, tsy mpanjaka aho. Mpanjaka sy Tompo tokana no eto — dia i Jesosy Mpamonjy antsika.”

Nijery andininy tao amin’ny Baiboly indray i Orel. “Maro be ny andininy momba an’i Davida ato,” hoy i Orel tamim-pifaliana. “Azafady, ry Davida namako, azonao vakina ve ity andininy ity?”

Dia namaky tamin’ny feo mafy i Davida: 1 Sam. 16:13: *“Ary Samoela nandray ny tandroka feno diloilo ka nanosotra azy teo amin’ny rahalahiny; ary ny Fanahin’i Jehovah dia nilatsaka tamin’i Davida hatramin’iny andro iny. Dia nitsangana Samoela ka nankany Rama.”*

“Tsaroako tsara iny andro iny,” hoy i Davida. “Tena gaga ireo rahalahiko sy ny raiko…”

“Davida a, mianatra momba ny Fanahy Masina i Luca, sy ny fomba niasany tamin’ny olombelona tany an-Tany,” hoy i Orel. “Afaka mitantara ny fanandramana niainanao ve ianao?”

“Ry namako, inona moa no azoko lazaina ka tsy efa fantatrareo ao amin’ny Baiboly?!” hoy i Davida sady nieritreritra. “Zazalahy mpiandry ondry tsotra fotsiny aho, faralahy tamin’ny rahalahiko rehetra, nefa Andriamanitra nifidy ahy ho mpanjakan’ny Isiraely na dia mbola tanora aza aho. Ny Fanahy Masina no nanosotra ahy ary nanampy ahy hanana fahaiza-manao maro.

“Nanjary havanana tamin’ny fitondrana ny Isiraely aho; mpamoron-kira mahay; tia nanorina toerana mahafinaritra. Nanjary malaza aho, ary tia ahy ny vahoaka … saingy tonga nihataka tsikelikely tamin’Andriamanitra ny foko.

“Nanao zava-dratsy aho. Tamin’ny maha-mpanjaka ahy, dia tokony ho modely ara-panahy ho an’ny vahoaka Isiraely aho, nefa nandritra ny fotoana ela dia tonga mpirehareha, mpamitaka, ary mpanao heloka aza aho. Namono lehilahy marina sy tsy manan-tsiny aho mba hahazoako ny vadiny.”

Nihaino tamim-pitandremana tsara an’i Davida i Orel sy i Luca.

“Aiza izao ilay zazalahy izay nohosoran’ny Fanahy Masina?” hoy i Davida, sady nanganohano ny masony. “Ny tena marina, ry namako, tsy malahelo noho ireo zavatra nolazaiko aho tsy akory, fa feno fisaorana ny foko, satria tsara dia tsara tamiko Andriamanitra, namela ny heloko sy nanome ahy fahafahana vaovao Izy na dia teo aza ny fahadisoako.

“Nodiovin’i Jesosy aho, ary taorian’ireo fanandramana ratsy teo amin’ny fiainako, dia nomena ahy indray ny Fanahy Masina mba hanampy ahy hampitodika ny vahoaka Isiraely any amin’Andriamanitra, hampiala azy ireo amin’ny lalan-dratsiny, ka hiverina Amin’Andriamanitra amin’ny fony manontolo.”

“Tantara mampihetsi-po tokoa izany!” hoy i Luca nisento. “Misaotra betsaka, Davida, nandray lesona lehibe avy amin’ny fanandramana niainanao aho … Tsara Andriamanitra, mamela heloka Izy, ary manamboatra antsika amin’ny alalan’ny Fanahiny.”

“Marina izany, ry Luca kely. Tsara Andriamanitra — tsara loatra Izy ka avelany ho eo akaikin’ny seza fiandrianany aho, miaraka amin’ireo anjely antoko mpihira,” hoy i Davida sady nijery tamim-panajana ilay toerana misy ny seza fiandrianana. “Mamolavola hira ho an’ny antoko mpihira aho; manantena aho fa indray andro any dia hihira izany ho an’Andriamanitra ny anjely.”

“Mazava loatra fa hohirainay tokoa ny hiranao ry Davida,” hoy i Orel nitsiky. “Fantatry ny anjely ny fahaiza-manaonao amin’ny mozika. Angamba tsy ho ela dia hiara-mihira aminay koa ianao. ... Luca a, mila mandeha any amin’ny toerana hafa indray isika.”

Ho any amin’ny faritra atsinanan’i Jerosalema Vaovao isika.

“Ho avy hamangy anao indray aho, ry Davida,” hoy i Luca. “Misaotra betsaka!”

“Hitanao ny toerana misy ahy,” hoy i Davida nikopa-tanana. “Veloma, ry namako!”

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:______________________________

Daty:______________________________

Sonian’ny ray aman-dreny/mpampianatra:____________________

## Fampiasana

Mampiseho amintsika ny tantaran'i Davida fa afaka mamela heloka sy manadio antsika amin'ny fahotana rehetra vitantsika Andriamanitra. Koa mizara roa ny fanontaniana ho antsika anio:

- **Efa natao batisa ve ianao?** *Ataovy ity*: Miresaha amin'ny pasitora na ny loholon'ny fiangonanao mba hahafantarana hoe rahoviana no hisy ny Fanasan'ny Tompo manaraka ao amin'ny fiangonana. Mandraisa anjara amin'izany ary raiso indray ny famelan-keloka.
- **Tsy mbola natao batisa ve ianao?** *Ataovy ity*: Miresaha amin'ny ray amandreninao, ny pasitora, na ny mpampianatra anao, izay kristianina, momba ny hoe rahoviana ianao no mety hatao batisa. Mianara Baiboly mba hahafantaranao bebe kokoa an'i Jesosy ary mandraisa fanapahan-kevitra hanolotra ny fonao ho Azy.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ary hanadio anao ho afaka amin'ny fisainana sy ny fihetsika ratsy rehetra.
2. Mivavaha mba hanampy anao ny Fanahy Masina ho mahatoky mandrakariva amin'i Jesosy.

# ANDRO 6

## Mampirisika antsika hanana fiainana salama ny Fanahy Masina

Ahitra feno voninkazo sy voankazo no milahatra ao anatin'ny firindrana tonga lafatra, voazarazara araka ny karazany sy ny sokajiny. Lolo tsara tarehy mamirapiratra tarafin'ny hazavana no manidintsidina eny rehetra eny. Mandehandeha sy manidina an-kalalahana manerana ilay saha midadasika sy mahafinaritra ireo vorona mahatalanjona.

"Tonga eto amin'ny sahan'ny Lanitra isika!" hoy i Orel sady nanondro ireo hazo ivaiva. "Na dia misy hazo fihinam-boa betsaka sy matsiro aza manerana an'i Jerosalema Vaovao, dia eto no ambolena sy anangonana saika ny karazana voankazo sy legioma rehetra ho sakafon'ny mponina rehetra ato amin'ny Tanàna Masina."

"Oaah! Manantena aho fa matsiro ny broccoli eto!" hoy i Luca nihomehy. "Nihinan-kena izahay tany an-Tany, fa eto kosa, hitako fa tsy misy mila izany."

"Tsotra ny antony," hoy ny lehilahy iray nivoaka avy tao amin'ny kirihitra. Nitafy akanjo fotsy tsara tarehy misy sisiny mena izy.

“Rehefa namorona ny Tany Andriamanitra, dia zavamaniry no nataony ho fihinan’ny olombelona. Tao amin’izany no nisy izay rehetra nilaina ho an’ny fahasalamana. Fa rehefa niditra ny ota, dia nanalavitra ny drafitra mahasoa indrindra nataon’Andriamanitra ny olombelona, ary nanomboka namono biby hatao sakafo.”

“Navelan’Andriamanitra ho isan’ny sakafon’ny olombelona ny hena taorian’ny Safodrano,” hoy i Orel nanampy.

“Tsy dia nisy azo nisafidianana firy mantsy ny legioma taorian’ny Safodrano! Nefa, na tamin’izany aza, dia nofaritan’Andriamanitra izay madio azo hanina sy izay tsy azo hanina. Kanefa mbola nanohy nanalavitra ny drafitr’Andriamanitra tany am-boalohany ihany ny olona, ka niteraka voka-dratsy lehibe teo amin’ny fahasalamany izany.”

“Tsy ilaina ny mahatsiaro ny lasa mampalahelo! Vaovao avokoa ny zava-drehetra eto!” hoy ilay lehilahy sady nanolo-tanana an’i Luca. “Jaona no anarako. Nantsoina hoe Jaona Mpanao Batisa aho tany an-Tany, fa eto an-danitra dia efa natao batisa tamin’ny Fanahy Masina avokoa ny olona.” Nihomehy tamim-pifaliana i Jaona. “Ka tsy dia misy batisa ataoko loatra eto, sa ahoana?”

“Jaona Mpanao Batisa! Tena voninahitra lehibe ho ahy ny mahita anao!” hoy i Luca tamin-kafanam-po. “Ianao ilay nanomana lalana ho an’i Jesosy tany an-Tany. Oaah! Luca no anarako, ary ity i Orel.”

“Faly aho mihaona aminareo!” hoy i Jaona sady nandray ny tanan’izy ireo. “Tonga eto matetika aho. Tiako ny rivotra madio sy ny zavaboary manodidina ahy. Afaka misaintsaina sy mianatra bebe kokoa momba an’i Jesosy namako tsara fanahy aho ao anatin’ny fahanginana. Zandriko Izy tany an-Tany, nefa fantatro tsara fa Izy no Zanak’ondrin’Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao — ary tena nataony izany!”

Nanatona an’i Luca i Orel sady nanoro andininy iray tao amin’ny Baiboly. “Ity misy andininy mahaliana momba an’i Jaona namantsika.” Novakiny ny tao amin’ny Lio. 1:15: *“Fa ho lehibe eo anatrehan’ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny aza.”*

“Fahatsiarovana re izany!” hoy i Jaona. “Tsy nino izany i Zakaria raiko, ka nalain’Andriamanitra ny feony mandra-pahaterahako. Mbola resahinay sy ihomehezanay hatrany izany hatramin’izao …”

“Mianatra momba ny Fanahy Masina izahay,” hoy i Orel tamin’i Jaona. “Mahavariana ny tantaranao, ry Jaona. Nofidina ianao, na dia tsy mbola teraka akory aza, mba hanomana ny fon’ny olona handray an’i Jesosy Ilay Mesia nampanantenaina. Narotsaka tao amin’ny fiainanao ny Fanahy Masina, hatramin’ny fotoana naha-tany am-bohoka anao. Inona no dikan’izany ho anao?”

“Hatramin’ny fahakeliko aho dia nampianarin’ny ray aman-dreniko hatahotra an’Andriamanitra, ary nampahafantariny ahy ny asa fanompoana tokony hataoko,” hoy i Jaona. “Nirotsaka tamiko ny Fanahy Masina ary nandrisika ahy hiaina amin’ny fomba tsotra sy mahasalama, mba hahafahako miatrika ny fihaikana amin’ny fitoriana hafatra izay tsy tian’ny olona hohenoina — indrindra fa ireo mpitondra fanjakana sy fivavahana tamin’ny andro niainako teny an-tany.

“Sarotra tokoa izany… Niaina fiainana feno fanenjehana sy fampahoriana ary fandavana izay nataon’ny ankamaroan’ny olona aho. Saingy ny fifaliako lehibe indrindra dia ny fahafantarako fa i Jesosy no ilay Mesia nampanantenain’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny mpaminany. Tanteraka tao Aminy avokoa ny famaritana rehetra momba ny Mesia. Tsy maintsy niaritra izany aho mandra-pahatonga Azy ho lehibe indrindra, Ilay Fahazavana mamirapiratra eto amin’izao tontolo izao ka mandroaka ny haizina,” hoy i Jaona tamim-pientanentanana.

“Niafara tamin’ny fomba nampalahelo ny fiainako tany ambonin’ny tany… Notapahina ny lohako, ary nikimpy ny masoko… mandra-pitsangako tamin’ny maty niaraka tamin’ny marina, ka nahita ny Mpamonjy ahy teo amin’ny rahon’ny lanitra aho. Ny zavatra rehetra niaretako teny ambonin’ny tany dia toa tsy misy heviny raha ampitahaina amin’ny fiainana aty an-danitra miaraka amin’i Jesosy.”

"Ooay!" hoy i Luca. "Tsy haiko raha ho vitako ny niaritra izay rehetra niainanao, ry Jaona…"

"Nasehon'ny Fanahy Masina tamiko fa ilaina ny vatana salama," hoy i Jaona. "Niakatra sy nidina tendrombohitra aho. Nandeha an-jato kilometatra nitondra ny hafatr'Andriamanitra. Tena nanampy ahy izany, nanome hery ahy ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy. Araka ilay andininy ao amin'ny Baiboly, dia efa voaomana ho amin'izany asa izany aho hatrany am-bohoka."

"Tena miavaka ny tantaranao, ry Jaona," hoy i Luca. "Inona izany izao no hataonao aty an-danitra?"

"Fanontaniana tsara izany, ry Luca," hoy i Jaona sady nitsiky. "Te hianatra ny zava-drehetra momba ny zavaboary aho. Mahaliana ahy ny fomba famoahan'ny zava-maniry voninkazo, sy ny fomba hahatongavan'ny voninkazo ho voankazo. Mianatra zavatra be dia be aho eto amin'ny Sahan'ny Lanitra. Soa ihany fa manana ny mandrakizay aho hianarako momba ny zava-miafin'ny famoronana nataon'Andriamanitra."

"Hanana fotoana maro hiresahana indray isika, ry Jaona" hoy i Orel. "Tonga ny fotoana handehanana, ry Luca. Andao amin'izay!"

"Misaotra anao, ry Jaona, tamin'ny fanazavana bebe kokoa momba ny Fanahy Masina," hoy i Luca. "Azoko antoka fa hihaona indray isika."

Niala teo izy roa lahy ho any amin'ny toerana hafa indray.

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:________________________________________

Daty:________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:________________________

## Fampiasana

1. Manomàna harona misy sakafo ara-pahasalamana ary omeo ny olona sahirana iray izany.
2. Mangataha amin'ny ray aman-dreninao na amin'ny mpampianatrao hiaraka aminao hanatitra ilay harona.
3. Mivavaha ho an'izany olona izany, ary angataho ny ray aman-dreninao na ny mpampianatrao hanampy anao hitady toko sy andininy ao amin'ny Baiboly momba ny finoana an'i Jesosy, izay hovakina ho an'ireo mandalo fotoan-tsarotra.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ary handrisika anao haniry ny hanana fiainana ara-pahasalamana.
2. Mivavaha mba hanampian'ny Fanahy Masina anao ho fitaovana mahery amin'ny fitoriana ny hafatr'i Jesosy.

# ANDRO 7

## Mampahery antsika ao anatin'ny fahoriana **ny Fanahy Masina**

"Vita amin'ny perila hay ito!" hoy i Luca tamim-pahagagana raha nandalo teo amin'ny iray amin'ireo vavahady goavam-be tao Jerosalema Vaovao.

"Vavahady perila! Ooay! Raha jerena eo amin'ny sisiny dia toa mavokely… Rehefa manongilana loha ianao dia tonga volomparasy ny lokon'ilay izy… Ary raha manatrika azy ianao dia toa fotsy misy taratra manga sy maitso."

"Mahavariana e?" hoy i Orel. "Misy vavahady roa ambin'ny folo —telo isaky ny lafiny amin'ilay Tanàna— ary samy tsara tarehy avokoa izy rehetra. Efa hitako daholo izy rehetra."

"Tena mpanao maritrano mahay i Jesosy," hoy i Luca sady nihomehy, niezaka nijery loko vaovao mitaratra avy eo amin'ilay vavahady vao nolalovany.

Tsy lavitra azy ireo dia nisy lehilahy nijoro, niandrandra ny lanitra.

"Andao ry Luca, hampahafantariko anao i Stefana," hoy i Orel sady nandeha nanatona azy.

"Ooay! Misy sisiny mena ny moron-tongotr'akanjony, mitovy amin'ilay akanjon'i Jaona," hoy i Luca liana dia liana. "Tsy mbola nahita akanjo toy izany firy aho. Ny ahy fotsy tanteraka. Inona no dikan'izany?"

"Miarahaba anao, ry Stefana," hoy i Orel. "Faly izahay mahita anao."

"Miarahaba anareo ry mpanompon'Andriamanitra!" hoy i Stefana tamim-pahalemem-panahy. "Anjely ianao, ary ianao kosa voavotra. Iza no anaranao?"

"Luca no anarako, ary izy no Orel anjeliko," hoy i Luca namaly avy hatrany. "Voninahitra lehibe ny mihaona aminao, ry Stefana. Mianatra momba ny asan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainan'ny olona izahay izao."

"Mahafinaritra kosa izany! Andeha hanao toy izany koa aho," hoy i Stefana nientanentana. "Nirotsaka tamiko ny Fanahy Masina rehefa nandray an'i Jesosy aho, ary nitondra ahy namakivaky lalan-tsarotra. Izy koa no nampahery ahy rehefa tonga ny fotoana hahafatesako."

"Vao teo i Luca no nanontany momba ny akanjonao samy hafa amin'ny azy," hoy i Orel sady nanondro ny sisiny mena eo amin'ny akanjon'i Stefana.

"Fanomezam-boninahitra manokana avy amin'i Jesosy io," hoy i Stefana tamim-pahendrena. "Maneho anay izay nanolotra ny ainy noho ny finoana an'i Jesosy izany. Tany ambonin'ny tany dia nantsoina hoe 'martiora' izahay; fa aty an-danitra dia tandindon'ny fahatokiana amin'i Kristy izahay. Ny loko mena dia maneho ny rànay izay nalatsaka noho ny fanaovana ny asan'i Jesosy."

“Stefana no heverina ho martiora kristianina voalohany,” hoy i Orel tamin’i Luca sady nitady toko sy andininy tao amin’ilay fitaratra mitsingevana izay nisy andininy ao amin’ny Baiboly izy. “Vakio ange ity azafady, ry Luca: Asa. 7:55.”

Namaky mafy i Luca. Teny grika fahiny no tao, saingy efa zatra mamaky fiteny ara-Baiboly fahiny izy izao: “*Fa Stefana, feno ny Fanahy Masina, dia nibanjina ny lanitra ka nahita ny voninahitr’Andriamanitra sy Jesosy nitsangana teo an-kavanan’Andriamanitra*.”

“Izay no fotoana farany niainako tany an-tany,” hoy i Stefana tamim-pisainana lalina. “Niaritra fahoriana maro aho noho ny finoako an’i Jesosy. Tamin’izany fotoana izany dia maro ny olona nanana fikasan-dratsy hamely anay izay nanara-dia Azy.”

“Toy izany koa no nitranga tamin’ny andronay,” hoy i Luca. “Maro ny olona nanasarotra ny fiainan’ny Kristianina izay te ho mahatoky amin’i Jesosy.”

“Marina izany! Te hahafantatra momba ny asan’ny Fanahy teo amin’ny fiainako ianao?” hoy i Stefana nanohy. “Tena mahatalanjona izany … Narotsaka tamiko ny Fanahy Masina ka tonga mpitory mafana fo ny momba an’i Jesosy aho. Fitaovana mahery teo an-tanany aho. Maro ny olona tonga eo amin’i Kristy tamin’ny alalan’ireo fahagagana nataon’ny Fanahy tamin’ny alalako.

“Maivana tamiko ny fanoherana sy ny fijaliana tsy nitsahatra, satria fantatro fa ilay Jesosy tsara fanahy dia hitondra ahy hiara-monina aminy ao Jerosalema Vaovao mandrakizay. Ary dia tanteraka izany!

“Tamin’ny faran’ny fiainako teny an-tany, tao anatin’ny fotoana feno tahotra sy fijaliana indrindra, dia nirotsaka tamiko ny Fanahy Masina ary nampahitany ahy i Jesosy miandry ahy any an-danitra. Nohazoniko tao an-tsaina io toky io ka tsy tsapako akory ny famelezan’ny fahavaloko ahy. Nikimpy ny masoko ary natory tao amin’ny fitsaharan’ny marina aho.

“Rehefa nosokafako indray ny masoko, dia niverina tamin’ny laoniny ny tenako, ary nahita an’i Jesosy teo amin’ity vavahady ity mihitsy aho, sady nandray ahy Izy! Izany no antony ahatongavako eto matetika. Mampahatsiahy ahy ny fahatsaran’i Jesosy tamiko izany. Izy mihitsy no nanolotra ho ahy ity akanjo misy sisiny mena ity. Tsy mendrika izany voninahitra izany aho.”

“Tena tantara mahatalanjona izany, ry Stefana!” hoy i Luca. “Azoko an-tsaina izay rehetra niaretanao ho an’i Jesosy.”

“Nianarantsika fa niaraka tamin’ireo mpanara-dia mahatoky an’i Jesosy ny Fanahy Masina ary nampahery azy ireo,” hoy i Orel. “Misaotra betsaka tamin’ny fotoana natokanao hiresahana taminay, ry Stefana.”

“Voninahitra ho ahy ny niaraka taminareo teto,” hoy i Stefana sady nitsiky be. “Miverena isaky ny te ho eto ianareo.”

“Ho aiza isika izao, ry Orel?” hoy i Luca. “Hijery toerana iray vaovao indray ve? Be dia be ny lesona raisiko avy amin’ireny fifampiresahana ireny! Iza indray ny olona tsy ampoizina ho hitantsika manaraka? Andao e!”

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:______________________________

Daty:______________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:______________________________

## Fampiasana

Ampiasao ny fahaiza-mamorona anananao mba hanaovana taratasy manokana misy hafatra mampahery ho an'olona iray mandalo fotoan-tsarotra. Lazao aminy fa tia azy i Jesosy ary maniry hiara-monina aminy mandrakizay. Angataho ny ray aman-dreninao, ny pasitora, na ny mpampianatra hanampy anao handefa izany taratasy izany.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. **Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity**. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ka hanome hery hiatrehanao ny olana mety hiseho.
2. Mivavaha mba hanampian'ny Fanahy Masina anao hatoky mandrakariva an'i Jesosy.

# ANDRO 8

## Mitarika antsika hanatontosa ny iraka ny Fanahy Masina

Nasehon'ilay sarintany fa tonga izy ireo…

"Eto mihitsy," hoy i Orel sady nanondro ny manda Atsimon'i Jerosalema Vaovao. "Nefa tsy hitako mazava hoe aiza ilay olona tadiavintsika."

"Azoko antoka fa ho avy eo tsy ho ela izy," hoy i Luca sady nibanjina ilay rindrina avo be vita amin'ny jaspy. Nitarataratra loko maro samihafa ilay rindrina: mena, mavo, volontany, ary manga antitra. "Jereo ilay rindrina, mahavariana tokoa e?"

"Tsy ny rindrina ihany, hitanao ve ny fanorenana?" hoy i Orel sady nijery manodidina, mitazana ilay olona tokony ho eo akaiky eo, araka ny sarintany.

“Ooay! Be dia be izany raha vatosoa! Vitsy ihany no fantatro amin’ireo. Ity jaspy, toy ilay rindrina, ary ireto maitso ireto angamba no emeralda. Ary misy maromaro manga antitra, ireo angamba no safira …”

Tampoka teo, dia nisy lehilahy tao ambadik’i Luca niteny taminy hoe: “Ry tovolahy kely, tena mahay mijery an-tsipiriany ianao, ary manana saina tia karokaroka.”

“Luca a, izy no Filipo Evanjelisitra,” hoy i Orel sady nitsiky be. “Tia manao fisehoana sy fidirana miavaka izy, hatramin’ny androany. Tena mahafinaritra ny mahita anao, ry Filipo.”

“Tadidiko araka izay novakiko tany ho any fa notarihin’ny Fanahy Masina mivantana ianao,” hoy i Luca tamim-pisainana lalina. “Inona ry Orel no lazain’ny Baiboly momba an’i Filipo?”

“Betsaka no voalaza ao, ry Luca. Fitaovana mahery vaika teo an-tanan’Andriamanitra i Filipo,” hoy i Orel sady nitady andininy tao amin’ilay fitaratra mitsingevana.

“Resahinareo ny momba ahy nefa aho mijoro eto!” hoy i Filipo sady nihomehy. “Afaka milaza aminareo mivantana aho hoe zava-mahagaga tokoa ny niara-niasa tamin’ny Fanahy Masina. Be dia be ny zavatra azoko zaraina.”

“Mianatra momba ny asan’ny Fanahy Masina teo amin’ny fiainan’ny mpanara-dia an’i Jesosy sasantsasany izahay,” hoy i Luca nientanentana. “Ianao izao nampiasain’ny Fanahy Masina ho amin’ny fitoriana ny filazantsara, nitondra olona ho eo an-tongotr’i Jesosy.”

“Marina izany!” hoy i Orel. “Ity misy fotoana manokana tianay ho fantatra. Andraso ange hovakiko ny Asa. 8:29 e! Hoy ny Baiboly: ‘*Dia hoy ny Fanahy tamin’i Filipo: Andeha manatona ka mankanesa amin’io kalesy io*.’” “Tena notarihin’ny Fanahy Masina mivantana ve ianao ho eo amin’ny olona iray mba hitory aminy?”

“Eny tokoa! Tena izany mihitsy!” hoy i Filipo tamim-pahavitrihana. “Hatramin’ny nihaonako tamin’i Jesosy dia nirehitra tao am-poko ny faniriana hahita Azy miverina haingana. Rehefa nihaino ny apostoly aho, dia takatro fa tsy maintsy torina amin’ny firenena rehetra, ny foko rehetra, ny fiteny rehetra, ary ny olona rehetra ny filazantsara vao hiverina Izy. Koa nanolo-tena ho evanjelisitra aho, ho mpitory ny filazantsara, mba hahita an’i Jesosy amin’ny andro ahavelomako. Tamin’izay no nirotsaka tamiko ny Fanahy Masina, ary nanaiky hotarihin-dalana amin’ny asa lehibe famonjena ireo very aho.”

“Fijoroana ho vavolombelona mahafinaritra izany, ry Filipo!” hoy i Luca. “Izaho koa naniry ny ho mpitory teny ambonin’ny tany. Nitarika anao hankeo amin’ny kalesy ve ny Fanahy? Inona no nitranga avy eo?”

“Nitarika ahy ny Fanahy Masina hitory tamin’ny lehilahy Etiopianina iray. Nandeha lavitra izy mba hahatongavana tany Isiraely sy hianatra momba an’i Jesosy, saingy tsy nisy olona tany Isiraely nanazava izany taminy, ka nody izy sady feno fisalasalana sy fahakiviana. Fantatry ny Fanahy ireo izay tena maniry hahafantatra an’i Jesosy, ka nalefany izahay hihaona amin’izy ireo,” hoy i Filipo tamim-pifaliana. “Ny tohiny dia nirotsaka tamin’ny fiainan’izy ireo koa ny Fanahy Masina, ka nanova azy ho mpianatr’i Jesosy ary nitarika azy hanatanteraka ny iraka.”

“Hay aty ianao, ry Filipo namako!” hoy ny feo tony, tao aorian’izy ireo. Nitodika hijery izy telo.

“Vao avy niresaka momba anao izahay!” hoy i Filipo sady nihazakazaka nanatona ilay lehilahy vao tonga. “Izy ilay namako avy any Etiopia, ilay tao anatin’ny kalesy ary natao batisa teny an-dalana. Tafahaona indray izahay aty amin’ny Tanàna Masina!”

“Faly mahafantatra anareo ry naman’i Filipo,” hoy ilay Etiopianina. “Miala tsiny aho fa tsy maintsy entiko i Filipo, fa nahangona olona mihoatra ny 500 ho an’i Jesosy aho tany Etiopia, noho ny fahasoavan’Andriamanitra sy ny asa misionera nataoko, ary izao dia aty an-danitra avokoa izy

rehetra! Te hisaotra an'i Filipo daholo izy ireo. Koa tsy maintsy entiko izy. Aza manahy fa mbola hanana fotoana betsaka isika hiresahana sy hifankahalalana bebe kokoa."

"Olona 500 voavonjy! Ooay!" hoy i Luca sy i Orel niara-niteny tamim-pahagagana. "Tsy maninona, hihaona aminao tsy ho ela izahay, ry Filipo."

"Ho tianao ny hihaona amin'ilay olona manaraka," hoy i Orel. "Na izaho aza tsy mahandry ny hihaona aminy. Vonona ve ianao?"

"Mientanentana tokoa aho izany! Andao àry!" hoy i Luca.

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:______________________________________________

Daty:_________________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:__________________________

## Fampiasana

Miaraka amin'ny fanampian'ny ray aman-dreninao, fidio ny iray amin'ireto fampiasana manaraka ireto:

1. Ataovy tsianjery ny Sal. 23 na ny Salamo hafa, ary angataho ny pasitora na ny mpampianatra hanome anao fotoana hamerenana izany tsy an-kijery ao am-piangonana na sekoly.
2. Manomàna toriteny na fampianarana fohy, ary zarao amin'ny fianakavianao, namanao izany, na raha azo atao dia ataovy ao am-piangonana na any an-tsekoly izany.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ary hanosika anao hanatontosa mandrakariva ny iraka masina.
2. Mivavaha mba hanampian'ny Fanahy Masina anao hahazo olona marobe ho an'i Jesosy.

# ANDRO 9

## Ny Fanahy Masina
no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra

"Tonga soa eto amin'ny Kianja Afovoan'i Jerosalema Vaovao," hoy i Orel tamin'i Luca.

"Jereo iretsy loharano iretsy! Tena mahafinaritra ity toerana ity!" hoy i Luca gaga sady nihazakazaka nijery ny loharano lehibe voaravaka voninkazo eo afovoan'ny Kianja.

"Be olona eto! Mahatazana karazan-tsehatra lehibe aho ery, ary maro amin'ireo voavonjy no mihaino tsara ilay olona iray miteny io," hoy i Luca sady niezaka nijery sy nihaino araka izay azony natao.

"Andao isika ho eny," hoy i Orel sady nanondro ilay toerana. "Angamba mihoatra ny iray tapitrisa ireo voavonjy tafavory eo amin'izao fotoana izao. Andao isika hiandry kely dia hiresaka amin'ilay olona miteny eo aloha io."

"Ary inona iry ry Orel?" hoy i Luca sady nanondro trano goavam-be iray eo amin'ny faran'ny Kianja. Eo am-baravarany dia misy sarin'ny boky misokatra mitsingevana eo ambonin'ny andry.

"Hasehoko anao io toerana io rehefa avy eo," hoy i Orel. "Antsoina hoe Efitra Fitadidian'ny lanitra izy io, ary ao no andraketana ny tantaran'ny olombelona rehetra izay nonina teny ambonin'ny tany."

Tamin'izay fotoana izay, dia nisy nitehaka sy nanao "Haleloia" manerana ny kianja. Tapitra ny hafatra nentin'ilay mpiteny, nidina avy teo amin'ny toerana nitsanganany izy, ary nanomboka ny hira fideran'ny anjely.

"Andao," hoy i Orel sady nitantana an'i Luca. Nanaraka ny lehilahy iray nitafy akanjo fotsy misy sisiny mena izy ireo. Hitany tao ambadiky ny sehatra ilay lehilahy.

"Paoly! Paoly!" hoy i Orel niantso azy. "Mba andraso izahay fa te hiresaka aminao."

Nijanona i Paoly, nijery azy ireo izy ary nitsiky. "Orel sy Luca, ianareo ve izany?" hoy i Paoly, toy ny efa nahafantatra azy ireo.

"Oay!" hoy i Luca sady nijery an'i Orel tamim-pahagagana. "Ahoana no ahafantaranao anay?" hoy izy nanontany an'ilay lehilahy.

"Nolazain'i Stefana namako tamiko fa efa nihaona taminy ianareo ary mitady olona izay niaina fanandramana momba ny asan'ny Fanahy Masina," hoy i Paoly nitsiky.

"Nahafinaritra ahy ianao ry Paoly! Ohatra lehibe ho ahy ianao fony aho teny an-tany."

"Mampihetsi-po ahy ny teninao," hoy i Paoly "olona tsotra ihany aho, saingy nomena tombontsoa ho miaramilan'i Jesosy."

"Tsy miaramila fotsiny ianao," hoy i Orel nanampy. "Fa kapiteny nitarika ny tafika lehibe indrindra nananan'Andriamanitra teny an-tany."

"Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra, ho an'ilay Komandy Ambony indrindra, dia i Jesosy! Tsy misy hafa afa-tsy ho Azy!"

Nampiseho andininy iray tao amin'ilay fitaratra mitsingevana i Orel, Rôm. 8:14: "*Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra*."

"Mba hazavao aminay, azafady ry Paoly, ahoana ny fomba anovan'ny Fanahy Masina ny olona ho zanak'Andriamanitra?"

"Tena fanontaniana mahafinaritra izany!" hoy i Paoly. "Fanontaniana lalina tokoa izany. Fa raha lazaina amin'ny fomba tsotra, dia izao: izay rehetra natao batisa dia nandray ny tsodranon'ny Fanahy Masina. Tamin'izay fotoana izay no nanombohan'ny Fanahy nanao asa mangina sy manova tao am-pon'ilay olona. Koa izay rehetra nandray an'i Jesosy ho Mpamonjy ka natao batisa, ary niaina araka izay niainan'i Jesosy, dia tonga anisan'ny ankohonan'Andriamanitra. Izany no antony maha-eto antsika rehetra! Eto Jerosalema Vaovao, zanaka natsangan'i Jesosy avokoa isika rehetra.

"Ny Fanahy no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra," hoy i Paoly namarana.

"Sarotra kely ny mahatakatra azy, fa heveriko fa azoko ihany amin'ny farany," hoy i Luca sady nihaotra loha. "Natsangana ho zanak'Andriamanitra aho noho ny herin'ny Fanahy Masina, marina ve izany?"

"Marina tanteraka izany!" hoy i Paoly. "Na izaho koa aza dia natsangana. Azonao antsaina ve hoe ho toy ny ahoana ny fiainako raha tsy nahita ahy teny an-dalana ho any Damaskosy i Jesosy? Mangorintsina aho rehefa mieritreritra izany."

"Andeha isika hisaotra an'Andriamanitra noho ny niheverany antsika ho mendrika ny fahasoavany," hoy i Orel. "Heveriko fa tsy maintsy miverina eny amin'ny toerana nitenenanao teo ianao izao ry Paoly, misy voavotra miantso anao hiverina eny ireo."

"Eny tokoa! Miala tsiny ry namako… antsoin'ny adidy aho!" hoy i Paoly nipi-maso an'i Luca ary nandeha niala.

"Lehilahy manana faharanitan-tsaina lehibe i Paoly," hoy i Orel. "Nampiasain' Andriamanitra izy hitory tamin'ireo manam-pahefana maro. Aty an-danitra, dia vao mainka mitombo ny fahaizany, ka afaka miresaka momba ny zavatra mahavariana amin'ny anjely mihitsy aza. Tian'ny rehetra ny mihaino azy!"

"Mbola te hiresaka amin'i Paoly aho amin'ny manaraka," hoy i Luca. "Be dia be ny fanontaniana tiako hapetraka aminy… Ho aiza isika izao, ry Orel?"

"Ho any amin'ny toerana heveriko fa fantatrao tsara, ry Luca kely," hoy i Orel tamim-peo tony sy malefaka. "Tena voninahitra ho ahy ny hiaraka aminao any."

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**


Anarana:________________________________________

Daty:__________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:____________________

## Fampiasana

Lokoy ny sarin'i Paoly miteny ao Jerosalema Vaovao. Soraty ao anatin'ilay mahitsizoro izao: "Any an-danitra aho dia hihaona amin'ireo olona mahafinaritra ahy indrindra ao amin'ny Baiboly." Hetezo ilay sary rehefa vita, ary apetraho eo amin'ny toerana talaky maso ao an-tranonao na ao amin'ny efitranonao.



## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa amin-kery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina ka hanova anao ho anisan'ny fianakavian'Andriamanitra.
2. Mivavaha mba hanampian'ny Fanahy Masina anao ho mahatoky mandrakariva ao amin'ny ankohonan'i Jesosy.

# ANDRO 10

## Miasa amin'ny fahafenoany eto an-tany
## Ny Fanahy

"Luca a!… Efa folo minitra aho izay no niantso anao… Tsy te hiakatra any ambony aho…"

Nanokatra ny masony moramora i Luca. "Aiza aho izany?" hoy izy tamin'ny feo malefaka.

"Luca! Ho tara ange ianao any am-pianarana e!" hoy ny reniny avy eo am-baravarana. "Efa ao anaty fiara i Dada miandry anao. Miomàna haingana, anaka!"

"Neny! Hay ato an-trano aho," hoy i Luca sady namihina mafy an-dreniny. "Tokony ho aiza indray moa ianao, anaka?" hoy i Neny sady nanoroka ny handriny. "Haingana ianao, fa andro voalohany amin'ny taom-pianarana anio, ka tsy tokony ho tara fidirana ianao."

"Neny o! Tany an-danitra aho! Nitsidika tontolo hafa, nahita zava-mahagaga, ary niresaka tamin'ireo olona ao amin'ny Baiboly," hoy i Luca nientan'ny hafaliana.

"Hafa kely izany nofinao izany!" hoy i Neny. "Mbola hanana fotoana hitantarana izany amiko ianao. Fa amin'izao aloha, andao hivavaka sy hisaotra an'Andriamanitra fa niaro anao nandritra ny alina Izy."

Niara-nandohalika teo anilan'ny fandriana izy mianaka ary nivavaka. Niomana ho any an-tsekoly i Luca. Efa voaoman'i Neny ny sakafo maraina tao anaty fitoerany, ary efa niandry azy tao anaty fiara i Dada hitondra azy alohan'ny handehanana miasa.

Rehefa tao anaty fiara, dia nanontany i Luca hoe: "Dada o, iza no tianao ho hita any an-danitra?"

"Olona be dia be," hoy i Dada sady namily ny fiara. "Mosesy, Davida, ary Paoly…"

"Efa nihaona tamin'izy ireo aho!" hoy i Luca. "Na dia tamin'ny nofy aza. Tena mahafinaritra any Jerosalema Vaovao. Tsy azonao an-tsaina ny zavatra rehetra hitako tany!"

"Indray andro any dia hiaraka ho any isika, ianao sy i Neny ary izaho," hoy i Dada. "Fa mba hahafahantsika telo mankany, dia tsy maintsy mahatoky amin'Andriamanitra isika ary manao izay tokony hataontsika. Nentinao ve ny Baibolinao?" hoy i Dada. "Sokafy ao amin'ny Asa. 1:8 ary vakio azafady, anaka."

Namaky i Luca hoe: "*Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany*."

"Raha te ho any an-danitra isika, dia tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina sy manatontosa ny iraka," hoy i Dada nanazava. "Tsy maintsy miasa eo amin'ny fiainantsika ny Fanahy, mba hampiasan'i Jesosy antsika ho fitaovana mitondra famonjena. Amin'izay dia ho maro kokoa ny olona hahafantatra fa ho avy tsy ho ela Izy, eny amin'ny rahon'ny lanitra."

“Marina izany, ry Dada,” hoy i Luca. “Afaka manomboka mianatra Baiboly miaraka amin’ireo namako tsy Kristianina ve aho?”

“Mazava loatra, anaka!” hoy i Dada. “Ny fandraisana anjara mavitrika amin’ny iraka dia hanampy anao hitombo ara-panahy, ary hanatanteraka ny baikon’i Jesosy ianao amin’izany. Izany no antony hanampian’ny Fanahy anao hanatanteraka ny planin’Andriamanitra ho an’ny fiainanao.”

“Dada a, te ho mpitoriteny toa an’i Paoly aho,” hoy i Luca tamin-kafaliana. “Fantatro fa mbola lavitra ny lalana, fa te hanomboka dieny izao aho!”

“Anaka, tsy azonao an-tsaina ny fifaliako mandre izany” hoy i Dada, sady namafa ranomaso. “Izany no zavatra tsara indrindra reko hatramin’izao.”

“Dada a, hikarakara ny vatako koa aho ary hijanona tsy hihinan-kena intsony,” hoy i Luca tamin-kafanam-po. “Nampianatra ahy i Jaona Mpanao Batisa fa tsy maintsy salama aho raha tiako ny hampiasain’Andriamanitra ho fitaovana eo an-tanany.”

“Luca kely o” hoy i Dada. “Mety ho sarotra izany, fa hojerenay sy i Neny izay azontsika atao. Andao hataontsika tsikelikely, mety ve?”

Tonga teo amin’ny sekoly izy ireo. Nanoroka an-drainy i Luca ary nihazakazaka niditra tao amin’ny efitrano fianarana. Nipetraka teo amin’ny iray amin’ireo dabilio voalohany izy. “Hiezaka mafy aho hianatra araka izay azoko atao,” hoy ny eritreriny, “mba ho fitaovana hampiasain’Andriamanitra sy hanampy amin’ny fitoriana maneran-tany. Tiako hiverina amin’izao andro iainako izao i Jesosy Tompo. Te ho any an-danitra aho ka hiaina ilay zavatra nonofisiko halina.”

Niasa mahery teo amin’ny fiainan’i Luca ny Fanahy, ary nanomboka nanao asa fanovana tao am-pon’ilay zazalahy kely valo taona.

“Salama, Luca no anarako,” hoy izy tamin’ny zazavavy kely iray nipetraka teo ankavanany.

“Salama Luca, Amanda no anarako,” hoy ilay zazavavy sady menamenatra.

“Amanda, tianao ve ny hianatra Baiboly miaraka aminay sy ny namako sasany?”

“Hmm, eny… Mety ho tsara izany,” hoy i Amanda. “Tsara be!” hoy i Luca tamin-kafaliana. “Homeko anao tsy ho ela ny fandaharam-pianarana.” Nahazo mpianatra Baiboly voalohany i Luca!

Na dia tsy fantatr’i Luca aza, dia nipetraka teo amin’ny dabilio iray tsy nisy olona tery aoriana i Orel, sady nitsiky.

“Ho lehibe ao amin’ny Tompo ianao, ry Luca kely,” hoy ny eritreritr’i Orel. “Tsy ho ela dia hihaona isika ary hiaina zava-mahagaga any an-danitra miaraka amin’i Jesosy.”

**Manaiky aho fa namaky ny lohahevitra androany!**

Anarana:________________________________________

Daty:________________________________________

Sonian'ny ray aman-dreny/mpampianatra:____________________

## Fampiasana

1. Manaova lisitra misy namanao dimy izay tsy mbola mahalala an'i Jesosy.
2. Mivavaha ho azy ireo ary anontanio izy raha toa liana hianatra Baiboly miaraka aminao.
3. Miaraka amin'ny fanampian'ny ray aman-dreninao, manomàna kilasy fianarana Baiboly ary ampianaro ireo namanao. Raha efa lehibebe izy ireo, dia **asao mba handray an'i Jesosy** ho Mpamonjiny manokana amin'ny alalan'ny batisa.

## Hivavaka isika!

Ireto misy antom-bavaka vitsivitsy. Mivavaha imbetsaka mandritra ity andro ity. Aza hadinoina ny mivavaka manokana, sy miaraka amin'ny ankohonanao sy ny namanao koa.

1. Mivavaha mba hiasa mahery eo amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina, ka hahatonga anao ho fitaovana mahery vaika eo am-pelatanan'Andriamanitra.
2. Mivavaha mba hitaoman'ny Fanahy Masina ny fianakavianao sy ny namanao hiara-mianatra Baiboly aminao, hahafahanao manampy azy ireo hahafantatra an'i Jesosy.